ALAHADY FAHA 28 MANDAVANTAONA - A



ANTSOIN'NY TOMPO HANKEO AMIN'NY FANASANY ISIKA

Ry Kristianina havana, raha nahary antsika olombelona Andriamanitra dia nahary antsika ho sambatra. Ny vokasiontsika dia ny ho sambatra miaraka Aminy. Antsoin'Andriamanitra isika ho ao anatin'ny hasambarana miaraka Aminy, ho Olo Araiky sy fianakaviambe ao Aminy. Koa amin'izao Alahady faha-28 mandavantaona izao dia antsoiny isika amin'ny fanasana lehibe iombonana Aminy mba hahazahoantsika ny tena hasambarana ary efa mampitsinjo antsika sahady ny amin'ny fiafarantsika koa Izy. Tsarovy fa efa ao anatin'ny volana oktobra isika. Averimberintsika matetika fa ady sady dia ny fiainana, ADY amin'ireo fakam-panahy manapotika sy mitady handrendrika antsika, tsy ahaizantsika mandavorary ny fiainantsika, tsy ahazoantsika ny tena fiadanana sy ny hasambarana, DIA mankany amin'ny tena fiainana, dia ny fiainana maha zanak'Andriamanitra ka anasan'ny Tompo antsika ankehitriny. Ry Kristianina havana, aoka ho fantantsika fa ny lohahevitra momba ny fampakaram-bady dia lohahevitra lehibe ao amin'ny Baiboly fa indrindra ao amin'ny Testamenta Taloha. Ambaran'Andriamanitra ny fifandraisana sy ny fifampitondrana ao amin'ny fifanekem-pihavanana izay manambara fa iray aina Aminy isika, ka io fanasana io no manambara ny fiombonana amin'Andriamanitra. Ny tian'ny Vakiteny voalohany antintranterina amintsika dia Andriamanitra manasa antsika sy manambara an'ilay faminaniana sy ny fanirian y hatramin'ny voalohany mba ho fianakaviam-be ao Aminy isika. Manambara Izaia mpaminany fa tsy ny vahoakan'Israely ihany no nanomanan'Andriamanitra an'izany fa ho an'ny olombelona rehetra ary dia tanteraka ao amin'i Jesoa izany. Io no ankalazaintsika amin'ny Eokaristia mba hiombonantsika Aminy tokoa. Sady mivelona isika no misantatra an'izany fanasana izany amin'ny fankalazana ny Eokaristia.

Vakiteny I : Iz. 25, 6-10a
Tononkira : Salamo 22
Vakiteny II : Fil. 4, 12-14. 19-20
Evanjely : Mt. 22, 1-14

Matetika ambara amintsika fa ny fankalazana dia tsy ho fahatsiarovana fotsiny. Tsy fanasan'ny Tompo fotsiny ny Eokaristia, fa noho asan'ny Fanahy masina, dia sady famantarana izy no santatr' ilay fanasana lehibe iombonantsika sahady amin'Andriamanitra any amin'ny fiainan-ko avy ka

ahazoantsika ny tena fiadanana sy hasambarana ary hafaliana feno. Izany no maha-Sakramenta azy. Izany koa no mahatonga antsika rehefa mandray komonio (izay teny frantsay midika hoe “fiombonana”) dia miombona an'i Kristy mpandresy ka mandray anjara amin’ilay fanasana. Rehefa milaza amintsika ny pretra hoe Vatan'i Kristy dia aoka samy hamaly isika hoe “Amen”, izay midika hoe “ho tanteraka tokoa anie izany”. Fiekem-pinoana izany hanambarantsika an'ilay tena fiombonana.

Raha misy fotoana nahatsapantsika an’ireo voalaza rehetra ireo dia izao fotoan’ny Coronavirus izao izay tena niteraka korontana lehibe teo amin’ny fankalazana. Izany no nahatonga an’i Papa nametraka ireo komonio am-panahy sy konfesy am-panahy. Hotohizantsika hatrany ny vavaka mba hiroso amin’ny tena FANKALAZANA isika eo amin’ny lafin’ny sakramenta araky ny fampianarana nataontsika teo. Tsy mahasolo na oviana na oviana ny sakramenta ny komonio am-panahy sy ny konfesy am-panahy. Nomen’i Papa alalana isika satria tena mangetaheta sy noana. Misokatra izao ny eglizy na dia tsy mbola tena lavorary aza satria mbola eo ny konfesy am-panahy vokatry ny fepetra arahina fa indrindra ny fanajana ny elanelana. Aza variana sy manaiky hofitahina isika ka ireo vavaka amin’ny radio sy amin’ny televiziona dia mahasolo ny fankalazana. Tsia, tsy mahasolo izany satria ny sakramenta dia famantarana hita maso sy ren’ny vatantsika izay naorin’i Kristy ka mampahazo fahasoavana. Izany indrindra ny fampianarana asongadin’ny fanoharan’i Jesoa ao amin’ny Evanjely.

Hitantsika sy rentsika fa manasa antsika i Jesoa amin’ny Eokaristia. Izany no henontsika ao amin'ny Evanjely. Nanao fanasana tokoa Andriamanitra araka io fanoharana nataon’i Jesoa io kanefa nisy nandà ny fanasana. Isaory an’Andriamanitra ny famindram-pony satria nankato isika. Henontsika tsara ny tenin'ny Tompon'ny fanasana : “*efa voaomana ny fanasana amin’ny fampakaram-bady, fa ny nasaina no tsy mendrika. Koa mandehana ianareo any amin’ny fihaonan-dalana ary asao ho aty amin’ny fampakaram-bady avokoa izay hitanareo”. Dia niely eran’ny arabe ny ankiziny, nanangona izay rehetra hitany na tsara na ratsy, ka hipoka ny mpihinana ny trano fampakarana.*"

Ry Kristianina havana, misy ny nasaina kanefa nandà, koa sambatra isika raha afaka manatona ny fanasana. Fa indrindra tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra fa ny fo amam-panahintsika mibebaka no tadiaviny. Izay no dikan'ny fandroahana an’ilay lehilahy anankiray tsy niankanjo ny akanjo amin'ny fampakaram-bady. Ny azo asongadina eto dia tsy hoe manavakavaka Andriamanitra fa asainy avokoa ny olona rehetra ka anjarantsika ny miomana amin'izany. Izany no mahatonga ny pretra alohan'ny komonio milaza hoe "*sambatra isika sy izay voaantso amin'ny fanasan'i Kristy*". Io akanjo io dia ilay akanjon'ny batemy, akanjon'ny finoana, akanjon’ny asa maneho fitiavana, asa maneho famindram-po. Io ilay akanjo manambara NOUVEAU DEPART VOKATRY NY FIOVAM-PENITRA MAHERY VAIKA ENTINA MIADY AMIN’IZAO KORONTANAVIRUS IZAO. Aoka haverimberintsika matetika izany satria tena manantena PANTEKOTY VAOVAO TOKOA ISIKA. Mila akanjo mifanaraka aminy io départ vaovao io. Mety tsy manana an’izany karazan’akanjo izany io lehilahy voalaza amin'ny fanoharana io. Ady sady dia ny fiainana, hoy isika matetika ady amin'ny fakam-panahy mety mandrendrika vokatr’izao korontanavirus izao. Mitaky fiovam-penitra izao andro izao mba ho araka ny sitrak’Andriamanitra tokoa ny fiainantsika ka zary akanjom-pinoantsika tokoa, ilay manova ny finoantsika ho fitokisantsika an'Andriamanitra. MILA AKANJO MAHA EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Mety hanontany isika fomba

ahoana no mety hananana an’io akanjo maha EOV MISIONERA io? Raha miezaka mameno ireo sajoa saota, mameno ireo siny enina isika.

Matetika manaonao foana isika ka tsy manao ny sitrak'Andriamanitra, ny fivelomana ny finoana dia ny fahaizantsika mahay mampitraotro ny finoana sy fiainana andavanandro, mameno ireo sajoa saota. Io no akanjo ho entintsika amin'ny fampakaram-bady anasan'Andriamanitra antsika, ady sady dia ka mila mitandrina isika.

Izany no ananaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa amin'ny taratasiny ho an'ny Filipiana rehefa niresaka ny traikefany izy : *"Haiko ny mihafy, haiko ny manam-be. Efa nianatra ny ho voky sy ny ho noana aho, ary ny hanam-be sy ny tsy hanana na inona na inona, na aiza na aiza, ary na amin’inona na amin’inona"*. Izany hoe manomana ny akanjon'ny fampakaram-bady izy. Hain'i Md Paoly ny mampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Io koa no lazainy amin'ny taratasiny ho an'ny Korintianina : " *tsy fantatrareo fa izay manao ny raharaha masina dia mivelona amin'ny zavatry ny tempoly"*, ny fiainany dia ao amin'izay fanompoana an'Andriamanitra izay. Izany no amerenantsika matetika hoe ny finoana dia tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra. Fantaro fa rehefa miasa ny fahasoavan'Andriamanitra dia manadio ka izay fanadiovana izay dia mety hangirifiry, mety ho mafimafy sy mampaharary kanefa izany no ady atrehina. Manantena handresy isika mba hiatrika ny fanasana. Tsy mandeha ho azy izany rehetra izany fa mila fiomanana sy ezaka. Ny fahasoavan'Andriamanitra no manampy ny ezaka ataontsika sy hampamokatra ny fiainantsika. Amin'izay ny valisoantsika dia izay fiombonana amin'ny fampakaram-bady izay ka hahazo hafaliana mandrakizay isika izay mitoetra ao amin'Andriamanitra. Sambatra isika miombona amin'izany satria tanteraka ao amintsika ilay faminaniana nataon'Izaia mpaminany.

Ry Jesoa Tompo ô, antsoinao tokoa arak'io fanoharana io izahay. Antsoin'Andriamanitra Ray ny olona rehetra ho tonga eo amin'ny fanasana ary efa santarinay izany amin'ny fankalazana ny Eokaristia. Mankasitraka Anao izahay ry Jesoa. Ampio àry izahay hiombona tanteraka Aminao, tsy hanatona fotsiny fa hanana fo feno Anao ary hahay hanatanteraka ireo asa maneho famindram-po anie izahay hameno ireo sajoa saota ka hiova tokoa hanova fifandraisanay amin’ny zavaboary, hahay hanaja azy mba handova ity trano be iombonana ity sy ho tena taranaka mpanorina fa tsy ho taranaka mpandrava, hampiombona mandrakariva ny olona ao Aminao. Amin’izay dia haharesy ireo sakantsakana rehetra izahay ka ho vonona handroso amin'izany mba samy ho mendrika handray ny akanjo amin’ny fampakaram-bady.

Ampio izahay tsy hihatsaravelatsihy fa tena hiombona tanteraka Aminao, hahay hampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro, ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Enga anie ho Eokaristia ny fiainanay. Masina Maria mivavahà ho anay mba ho tabernakla velona izahay. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson